

## ANDRO FAHA- 5:

### **SAFIDY MANOKANA**

**Andinin- tSoratra Masina ho tadiniana:** « Fidio anio izay hotompoinareo ... fa raha izaho sy ny ankohonako kosa, dia hanompo an'i Jehovah izahay. » Josoa 24: 15

**Vakiteny fanampiny:** *Fitsipiky ny fiaianana - "Safidy", "Voalohany"*

Raha namorona izao tontolo izao Andriamanitra, dia nametraka an'i Adama sy i Eva, ilay lehilahy voalohany sy ny vehivavy voalohany tao amin'ny Saha Edena, ary nanome azy ireo ny fahefana hisafidy. Afaka mifidy ny hankatò na tsy hankatò izy ireo. Izany dia fanapahan-keviny azy manokana.

1. Henoy izay nolazain'i Jehovah tamin'ny ray aman-drenintsika voalohany: " Ary Jehovah Andriamanitra nandidy an-dralehilahy ka nanao hoe: Ny hazo rehetra eo amin'ny saha dia azonao ihinanana ihany; fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana; fa amin'ny andro izay ihinananao azy dia ho faty tokoa ianao" (Genesisy 2: 16-17)

"Andriamanitra dia nanana ny fahefana hihazona an'i Adama mba tsy hikasihany ny voankazo voarara, fa raha nanao izany Izy, dia nanohana ny fiampangana izay nataon'i Satana izay nataony mba hanoherana ny fifehezana jadona avy amin'Andriamanitra. Tsy nanana fahalalahana amin'izay tiany hitondrana ny tenany ny olona, fa toy ny milina fotsiny."

Ny ray aman-drenintsika voalohany dia nify ny hihinana ny voankazo mba hino sy hanaiky ny tenin'ny menarana fa tsy ny tenin 'Andriamanitra. "Ny Adama voalohany dia olona nanana fahalalahana amin'izay tiany hitondrana ny tenany. Fa nanararaotra ny fahafahany izy. Nanaiky ho resin'ny ny fahazotoan-komana izy. Noho ny tsy fankatoavany dia very ny tsy maha-manan-tsiny azy.

Noho ny safidiny manokana tsy nisy teritory, dia lasa mpanota izy, ka dia toy izany no nampisaraka azy tamin'ny fankasitrahant'Andriamanitra.

2. Heb. 11: 4 dia mampianatra mazava tsara fa i Kaina sy Abela, zanak'i

I Adama sy Eva koa dia nanana ny fahefana hisafidy koa « Finoana » no nanateran'i Abela ho an'Andriamanitra fanatitra tsara noho ny an'i Kaina, ka izany no nanambarana azy fa marina, satria Andriamanitra no nanambara ny amin'ny fanatitra nataony: ary amin'izany, na dia maty aza izy, dia mbola miteny ihany. » (Heb. 11: 4)

"Abela nanolotra sorona avy amin'ny ondry aman'osy, araka ny toromarika avy amin'Andriamanitra ... Fa Kaina, rehefa tsy niraharaha ny didy mivantana sy mazava avy amin'ny Tompo, dia nanatitra fanatitra voankazo. Tsy nisy porofo avy any an-danitra naneho fa nekena izany fanatitra izany.

Andriamanitra dia nanome ny fahefana hisafidy ho an'i Adama sy Eva sy ny zanany. Ary mbola manome izany fahefana izany ho antsika Izy amin'izao fotoana izao. "Andriamanitra tsy manery ny sitrapo na ny fitsaran'ny tsirairay .... Iriny mba ho tia Azy ireo zavaboary noharian'ny tanany satria mendrika ny fitiavana Izy. Hankatò Azy izy ireo satria manana fankasitrahana feno fahirata-tsaina ny amin'ny fahendreny, ny fanomezany rariny, sy ny fahalala-tanany.

3. Andriamanitra dia manao izay azony atao mba hampirisika antsika hanaiky ny famonjeny. Fa Izy tsy manery antsika hankatò Azy. Hoy ny Soratra Masina manao hoe: "Aoka samy hatoky tsara ao amin'ny sainy avy izy » (Rom. 14: 5).

"Kristy, dia tsy manery fa misarika ny olona ho any aminy Izy. Ny hany hery ampiasainy dia ny terin' ny fitiavana.

4. Raha tsy manery antsika hankatò Azy Andriamanitra, ahoana no fomba hanampiany antsika mba hanao ny safidy izay tiany hataantsika? Eritrereto izany rehefa mamaky ny ianao Jaona 12: 32, 33. "Ary Izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany, dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy. Izany no nolazainy hanambara izay fahafatesana efa hiaretany." (Jaona 12: 32, 33).

Inona no nolazain'i Jesosy momba ny fomba niantsoany ny olona?

"Kristy, dia tsy mamonjy na iza na iza amin'ny fanoherana ny safidiny; Tsy manery na iza na iza hankatò azy Izy"

Ary ny amin'ny fanjakan'i Kristy, dia tsy misy teritory na adidy avy amin'ny feon'ny fieritreretana azo atao. Kristy dia tsy manaiky afatsy ny fanompoana an-tsitraro vokatry ny fo izay nohamasinina avy amin'ny fahamarinana ihany.

5. Ao amin'ny Baiboly iray manontolo isika dia mamaky ny tantaran'ireo izay voasarika ho eo amin'Andriamanitra noho ny halehiben'ny fitiavany. Rehefa mamaky sy mameo ireto andininy ireto ianao, diniho ny fifandraisanao amin'Andriamanitra. Inona no mitaona anao ho eo aminy?

Hosea dia nanoratra ny amin'Andriamanitra, fa Izy no Ilay "Tamin'ny kofehy fitarihana olona no nitarihako azy, dia tamin'ny mahazakan'ny fitiavana" (Hosea 11: 4).

Jeremia nanoratra hoe: « Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe: Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao.» (Jer. 31 : 3).

6. Hoy ny Baiboly: "Efa nahazo, maimaim-poana ianareo koa manomeza maimaimpoana "(Mat. 10: 8) .. satria Andriamanitra dia nanome antsika be dia be, dia misafidy ny hamaly amin 'ny fanomezam-pahasoaavan' ny fitiavantsika ho Azy isika. Inona amin'ny fitsipi-piainana kristianina no azontsika hakana lesona avy amin'izay nianarantsika momba ny fahafahana misafidy malalaka? Ekenao ve ity manaraka ity? Nahoana?

- . Ny manome dia aingam-panahy avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra.
- . Ny manome dia resaka safidy.
- . Ny manome dia tokony ho an-tsitraro mba ho hankasitrahana'Andriamanitra.

7. Inona no tian'Andriamanitra omentsika? Mitanisà fanomezam-pahasoavana karazany telo fara

fahakeliny azontsika omena Azy.

Ny fanoloran-tena tsy misy fitiavan-tena sy toe-tsaina tia manao sorona foana no fepetra sy mbola ho fepetra ilaina ny amin'ny asa fanompoana azo ekena.

8. Ny hany tena fanomezam-pahasoavana matetika eritreretitsika dia fanomezam-pahasoavana avy amin'ny fahafaha-manaontsika, mifanaraka amin'ny toe-bolantsika sy ny fananantsika.

Ohatrinona no tokony alohan'ny olona tsirairay, hoy Mosesy? "fa aoka samy hanatitra izay zakany avy, araka ny fitahian'i Jehovah Andriamanitao, izay omeny anao" (Deot. 16: 17).

"Ny drafitr'i Mosesy tany an-efitra mba hampitombo ny ho enti-manana dia nahomby fatratra. // Tsy nisy nilana faneriterena ... Andriamanitra efa nandidy an'i Mosesy hitaona ny Zanak'Israely mba hitondra ny fanatiny sy ... mba hanaiky ny fanomezam-pahasoavan'ny tsirairay izay nanome tamin-kitsi-po.

Andriamanitra dia mamela antsika hanapa-kevitra raha ny amin'ny vola izay nanambinana antsika ary mangataka amintsika Izy mba hanome araka izay fitahiana noraisina.

"Ny fanasoavana kristiana dia mipoitra avy amin'ny fitsipiky ny fitiavana feno fankasitrahana ... Raha izany no izy, tsy ilaina ny antso mba hanohina ny fo mba ... halala-tanana hanome fanatitra ho an'ny asa sarobidin'ny fahamarinana" .

Ato amin'ity lesona ity dia nianatra isika fa Andriamanitra dia tsy mifaly ao amin'ny fankatoavana, misy faneriterena ary dia manome fahafahana malalaka ho an'ny sitrapon'ny rehetra Izy, mba hahafahany manome ho Azy asa fanompoana an-tsitrano." Diniho inona no tian'Andriamanitra avy aminao. Amin'ny teny fohy, farito izay safidinao atolotra Azy.

**Fanoloran-tena sy vavaka :**